

2025

# Taratasy ho an'ny noely

**AO AMIN'I JESOA KRISTY MAHANTRA, VOAFANTSIKA ARY TONGA SAKAFO**

Prado

# MIHAONA AMIN'I JESOA AO AMIN'NY ANKOHONAN'NY MAHANTRA

*« Dia nandeha haingana izy, ka nahita an'i Maria sy Josefa, ary ny Zaza kely mandry amin'ny fihinanam-bilona » (Lk 2, 16)*

Amin'izao fankalazana ny misterin'ny noely izao no anentanako anareo handinika io andalan-tsoratra Masina io ; notsongaina tamin'ny Evanjely mitantara ny fihaonan'ny mpiandry ondry sy ireo olona voailika ary koa ireo ratsy fitondra-tena, tamin'ny ankohonana mahantra ka hanova tanteraka ny fiainan'izy ireo. Entaniko ihany koa ianareo hijery ny fianakaviantsika pradoziana araka ny rafitra sy ny ankohonana ary ny ekipa. Ankehitriny dia antsoina ihany koa isika ho tahaka ny ankohonana izay nihaona teo amin'ny tranon'omby, miaraka amin'ny varavarana misokatra *« midanadana »*, mba handray ireo mahantra apetrak'Andriamanitra eny amin'ny lalantsika, ary hanorina ny Fanjakany miaraka amin'izy ireo.

Manorina ity ankohonana mahantra ity i Jesoa, Maria sy Josefa. Fa ny evanjely ihany koa dia milaza ny fisian'olona vitsivitsy izay faly noho ny zavatra ren'izy ireo tamin'ny mpiandry ondry. I Md Lioka dia manana tanjona hampiditra ny mpamaky ho mpandray anjara ao amin'ny  asa sorany. Ary azo heverina fa noho izany  no nametrahany ireo olona tonga mamangy, izay tsy misy zavatra fantantra afa-tsy ny fisiany eo akaikin'ny fianakaviana Masina. Isika tsirairay avy dia afaka ho anisan'ireo izay ao amin'ny tranon'omby, anatrehan'i Jesoa, ilay teny Tonga nofo ; anisan'io ankohonana voalohany io. Nanana fanirina ny mba ho anisan'ny hahazo amin'izany toeram-boninahitra eo amin'ny tranon'omby izany ihany koa i Mompera Antoine Chevrier. Rehefa avy nankalaza ny fetin'ny Fisehoan'ny Tompo tao amin'ny lasapelin'ny Sixtine izy indray andro, dia nolazainy fa naniry mafy ny fony : *« ny mba nahita ny tranon'ombin'i Jesoa ary ho tonga mpiandry ondry, mba hiaina izany hasambarana ao anatin'ny tranon'ombin'ny mpamonjy izany*» (taratasy faha 15).

Mivory eo anivon'i Jesoa io ankohonan'ny mahantra io. Izy no ivo sy anton'ny  fiombonan'ny firahalahiana ao amin'ny tranon'omby. Tahaka ny andraim-by i Jesoa, manintona ny tsirairay ho eo aminy.

Ny fahalemen'ilay zazakely miankin-doha, tena mahantra tanteraka araka ny maha izy azy, hoy i P. Ancel dia manintona mahantra hafa, izay nahita ao Aminy ilay haren'ny Tenin'ny Ray tonga Nofo. Tsy inona no manintona azy amin'izany fa ilay fitiavan'Andriamanitra lehibe, tsy manam-paharoa ny olombelona. *« O Ry Mistery tsy takatry ny saina ! Andriamanitra eo ato amintsika, Andriamanitra tonga miresaka amintsika, tonga hiara-miaina amintsika, hiresaka ary hampianatra antsika »* (DV 62). Izany no asa voalohan'ny ekipa, ny ankohonana pradozianina : manao izay hahatonga an'i Jesoa ho ivon'ny fiainantsika. Izany dia mba hahitan'ireo mahantra nomeny antsika an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny fiainantsika.

Mam-panakarena ny mpikambana hafa izay voafidy sy irahin'ny Ray ity ankohonan'ny mahantra ity. Nandeha tany amin'ny tranon'omby ireo mpiandry ondry satria Andriamanitra, tamin'ny alalan'ny anjeliny, dia nanambara tamin'izy ireo ny zavatra izay nitranga. Fatra-panaiky ny Tenin'Andriamanitra izy ireo, hany ka navelany tany antsaha ny andian'ondriny, ka nihazakazaka izy ireo ho any Betlehema. Tsy hoe izy ireo akory no tompon'ny hevitra, fa nihaino ary nanaiky izay nambara azy izy ireo. Tanteraka tamin'izy ireo ny tenin'i Jesoa tany Kafarnaoma hoe : *« Tsy misy olona mahay manatona ahy raha tsy taomin'ny Ray izay naniraka ahy »* (Jn 6, 44). Tsy mitsahatra ny maniraka mahantra ao amin'ny ankohonan'ny Egliziny ny Ray, ary anatin'izany ny Prado. Apetrany eo anilantsika ny mahantra mba hanondroantsika azy ireo ny Zanany. Fantatry ny tsirairay ireo olona miaina anaty fahasahiranana lalina. Ao amin'ny tananan'i Lyon, dia manomboka hita tsikelikely isanandro, ny fisian'ireo mpifindra monina, izay zara fa voahaja ny hasiny, matory anaty trano plastika. Tsy ampy 20 metatra miala ny Lasapelin'ny Prado dia efa ahitana trano plastika roa ipetrahana mahantra. Hitantsika izany na eny amin'ny tanan-dehibe na any ambanivohitra. Satria eo anivontsika mandrakariva ny mahantra. Manentana antsika ny ankohonan'ny Betlehema tsy hanao tazan-davitra ny mahantra, ary hahita fa Andiamanitra mihintsy no mitondra azy ireo ao amin'ny Eglizintsika.

Miaina ny fahantrana am-panahy sy ny fanetren-tena io ankohonan'ny mahantra io. Izany no mitarika azy ireo hahalala ny fisian'ny Tenin'Andriamanitra sy hanaja Azy anaty fahanginana. NY tantaran'ny Md Lioka dia tsy nampita tamintsika ny tenin'ireo olona izay nivory teo amin'ny tranon'omby. Tonga tsinontsinona mantsy ny zavatra hafa, ary lasa manelingelina aza eo anatrehan'ny Tenin'ny Ray Tonga nofo, faratampon'ny Teniny. Ny

fahanginana feno fanajana sy fivavahana sisa azo atao, eo anatrehan'ny Mistery miseho eo imason'izy ireo. Izany ihany koa no nanova ny fiainan'i Mompera Chevrier. Ny fibajinana am-pahanginana ilay Teny Tonga Nofo no nahatonga azy hamela ny teny ho tonga nofo tamin'ny fiainany. Fa ihany koa hipetraka eo anivon'ny mahantra, mba hanorina miaraka amin'izy ireo fianakaviana vaovaon'i Jesoa. *« Tonga zazakely Andriamanitra. Noho ny fitiavany dia tonga mahavelona Andriamanitra. Tonga antsika Izy. Nomena antsika. Tonga hanorina Vahoaka vaovao mpivavaka marina, mpirahalahy »* (Toriteny, Noely 1857).

Mivory ao amin'ny tranon'omby ity ankohonana ity, fa tsy any amin'ny trano fandraisam-bahinin'ny tanan-dehibe. Nisafidian'ny Ray io toerana io hahaterahan'ny Zanany. Teraka anaty fahantrana ny mahantra, ary miombona amin'ny zava-misy iainan'izy ireo ihany koa izay akaiky azy. Na ny toerana ivoriana, na ny fitaovana ananany dia manambara ny fiainanam-pahantrana izay iantsoana antsika. Fa izany koa dia natao hanamora ny fandraisana ireo mahantra tonga : *« Tsy maintsy entintsika ny toe-tsaina mahantra sy tsotra ka hianona amin'izay tena ilaina ; hatrany amin'ny Eglizintsika sy ny fitaovana masina ampiasaintsika. Tsy ilaina any amin'ny eglizintsika sy ny fitaovam-pakalazana mety mitarika fahalianana na miteraka fialonana amin'ny mpivavaka. [...] Apetraho any amin'ny Eglizy vita amin'ny hazo nefa misokatra ho an'ny rehetra ny pretra masina. Izy no hisarika sy hampibebaka ny maro, any amin'ny eglizy any amin'ny eglizy hazo ; noho ny pretra izay mipetraka amin'ny Eglizy volamena »* (VD 297). Ny Papa Leon faha XIV dia nanindry io hevitra io, naka ny tenin'ny Md Jean Chrysostome, ao amin'ny taratasy apôstôlika vao nosoratany : *« Tsy mila zavatra vita amin'ny volamena Andriamanitra, fa mitady fanahy volamena »* (Dilexi te, 41).

Manaiky hampianarin'ny mahantra ireo izay tonga ao amin'ny ankohonan'ny mahantra. Nangovitra ny mpiandry ondry niditra tao amin'ny tranon'omby, nahita an'i Jesoa eo afovoany, sy ireo olona tonga nivory anaty fanajana. Fa hitan'izy ireo tao ihany koa ny fahantrana izay tsy zava-baovao amin'izy ireo. Tsapany fa tsy vahiny izy ireo ; noho izany no nahatonga azy ireo feno fahatokisana ka afaka niteny. Ny traikefan'izy ireo dia nanamarina ilay zavatra nolazain'ny anjely momba ilay zaza. Ary izy ireo koa dia te-hizara amin'ny hafa izay niainany. Ka tonga mpitory ny evanjely amin'izay nandray azy. Faly ireo nihaino ny tenin'ireo mahantra, indrindra i Masina Maria, manana fahafahana mihaino izany rehetra izany ao am-pony. Tena zava-dehibe ankehitriny ny mihaino an-kafaliana, anaty fo vonona handray ny tenin'ireo mahantra ! Milaza amintsika momba an'i Jesoa ny mahantra, amin'ny alalan'ny fiainany. Hitantsika amin'izy ireo ny Evanjely tonga fiainana. Fa sady mpampianatra no vavolombelon'ny finoana ny mahantra. *« Isika dia vavolombelona mahita ny fahafahan'izy ireo mandray andraikitra eo amin'izao tontolo izao sy ao amin'ny Eglizy. Anatin'ny fiombonana dia velomin'ny fanantenana ireo famantaran'ny Fanahy Masina hitantsika amin'ny fiainan'izy ireo. Ny Evanjely no tiantsika hozaraina amin'izy ireo»* (constitution 44).

Ry namana, ankehitriny ny fianakaviana pradoziana dia antsoina ho tahaka ilay firahalahiana mivory tao amin'ny tranon'omby. Hanomboka ny fankalazana ny faha roanjato taonan'ny nahaterahan'ny mompera Chevrier isika. Ka mba hankalazana izany, araka ny toe-panahy evanzelikan'ilay apostolin'i *La Guillotière*, dia tsy maintsy manavao ny harem-panahy noraisina isika, ary hanokatra ny fontsika sy ny varavaran'ny tranontsika amin'i Jesoa. Jesoa izay tonga eo anivontsika ao anaty fahantrana. Ny Tompo anie hahatonga antsika ho lakana handraisana ny fahasoavany. Ka eo anivontsika, ireo mahantra sy ireo mijaly, dia ho afaka mivelona ilay dingana maha-olona sy maha-mpino niainan'ireo mpiandry ondry tao amin'ny ankohonana kely sy mahantran'i Betlehema.

Lyon, anio 01/12/2025

ASSOCIATION DES PRETRES DU PRADO – LYON –

**Diego MARTÍN PEÑAS** (lehiben'ny firahalahiana),
**Luc LALIRE** (mpanampy voalohany) ary **Joseph NIKIEMA** (mpanampy faharoa).

**Prado Général**
Institut des prêtres du Prado
13, rue Père Chevrier - 69007 LYON – France
Tél. : (+33) 04 78 72 70 66 - **www.leprado.org**